




REPOBLIKAN'I MADAGASKARA  
Pitavyana • Tanindrazana • Fandriosaena



**REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY  
TAONA 2023**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

**LAHARANA FAHA-251**

TATITRA NATAON'NY :

- MINISITERAN'NY ANGOVO SY NY AKORANAFO,
- MINISITERAN'NY PAOSITRA SY FIFANDRAISAN-DAVITRA ARY NY HAITAO ARA-KAJY MIRINDRA.

Fivoriana faha-12  
Natao ny  
Zoma 26 may 2023  
- Atoandro -

## FIVORIAMBE

**FILOHA:** Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré

**MPITANTSORATRA:** Ramatoa NAHARIMAMY Irmah Lucien

**FOTOANA:** Zoma 26 Mey 2023, tamin'ny 11 ora sy 50 minitra, atoandro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Tatitra nataon'ny:

- Minisiteran'ny Angovo ny Akoranafo,
- Minisiteran'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra ary ny Haitao ara-kajy Mirindra.

Nitohy ny Zoma 26 Mey 2023, tamin'ny 11 ora sy 50 minitra, atoandro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré, Filoha Lefitra avy amin'ny Faritanin'Antananarivo no nitarika ny fivoriana.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany, Ramatoa NAHARIMAMY Irmah Lucien.

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa Mpitantsoratra, tamin'ny fanatanterahany ny fiantsoana anarana Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia nampahafantatra ny mpivory, fa ahemotra amin'ny Alarobia 31 Mey 2023 ho avy izao ny tatitra tokony hataon'ny Minisitry ny Asatànana sy ny Haitao sy ny Minisitry ny Fanajariana ny Tany noho ny antony tsy azo anoharana. Marihana fa saika hatao androany ny anjaran'izy ireo.

Taorian'izay, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony ny tenany, izay fivoriambe hanaovan'Andriamatoa ANDRIAMANAMPISOA Soloniaina Rasamoelina, Minisitry ny Angovo ny Akoranafo sy Andriamatoa RAZAFINDRAMALO Tahina, Minisitry ny Paositra sy Fifandraisan-davitra ary ny Haitao ara-kajy Mirindra ny tatity ny asa vitan'izy ireo tamin'ny taona 2022 ka hatramin'izao.

Nanatanteraka izany avy hatrany Andriamatoa ANDRIAMANAMPISOA Soloniaina Rasamoelina, Minisitry ny Angovo sy Akoranafo rehefa nomen'Andriamatoa Mpitarika fivoriana fitenenana, ka toy izao izany:

Andriamatoa Filoha,  
 Andriamatoa sy Ramatoa isany Mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena,  
 Andriamatoa Minisitra, namana mpikambana ao amin'ny Governemanta,  
 Andriamatoa sy Ramatoa isany Solombavambahoakan'i Madagasikara,  
 Isika rehetra manatrika etoana,  
 Tompokolahy sy Tompokovavy.

Ho fanajana ny voarakitry ny Lalàmpanorenana ao amin'ny andininy faha-101 dia tonga eto ny tenako haneho ireo zava-bitia sy ezaka ho fanatsarana ny tontolon'ny angovo sy

akoranafo eto amin'ny firenena sy ho fanatanterahana ny velirano faharoan'ny Filoha Andry RAJOELINA hoe: angovo sy rano fisotro madio ho an'ny rehetra.

Raha ny sehatry ny angovo no atao bango tokana dia misedra olana isika tao anatin'izay taona maro nisesy izay. Nisy anefa fepetra sy asa maro natomboka hiatrehana ny hamehana, eo am-panatanterahana izany isika miaraka amin'izay koa ny vinavinaina tokony hatao. Natao izany mba hisitrahana ny vahoaka Malagasy any amin'ny Distrika rehetra, angovo sy hanamaivanana ny andavan'andron'ny mpiara-belona.

Nisy koa ezaka ara-drafitra nanavaozana ireo fehezan-dalàna mifehy ity sehatra ity mba hahafahan'ny mpandraharaha miasa ao anaty fitokisana tanteraka ny Minisitera.

Indro hovoasana amintsika ny tsara ho fantatra momba ny asa efa natao sy an-dalam-panatanterahana ato amin'ny Minisitera.

**Hazavana ho an'ny lèlambe sy fitsinjarana jiro mandeha amin'ny herin'ny masoandro:**

- Fitsinjarana jiro mandeha amin'ny herin'ny masoandro ho fanazavana lèlambe: 5000 isa, ka Distrika miisa 92 no nisitraka izany, vola avy tao amin'ny "Ressources Propres Internes" tato amin'ny Minisitera no nahafahana nanao izany, ka 4,5 Miliara Ariary no totaliny.
- Jiro mandeha amin'ny herin'aratra ho fanazavana ny lèlambe, 17 881 isa no notsinjaraina
- Jiro mandeha amin'ny herin'ny masoandro ampiasaina isan-tokantrano: 60 000 isa no nozaraina
- Fametrahana jiro hanazavana ny elakelan-trano iarahana amin'ny JIRAMA na ny Jiro sy Rano Malagasy.

**Fanamafisana ny famokarana azo avy amin'ny masoandro eny amin'ny Ivon-toeram-pamokarana tantanan'ny JIRAMA:**

- Nosy-Be: 1 MW, famatsiam-bolan'ny tsy miankina, mitentina 8,8 Miliara Ariary
- Morondava: 3 MW, famatsiam-bolan'ny tsy miankina, mitentina 26,4 Miliara Ariary
- Fanomanana ny fametrahana 50 MW avy amin'ny herin'ny masoandro eny amin'ny orinasa JIRAMA amin'ny toerana 46, mitentina 200 Miliara Ariary
- Fanomanana ny fametrahana ireo tobim-pamokarana herin'aratra avy amin'ny herin'ny masoandro, mitotaly 27 MW, eny amin'ny tobim-pamokarana miisa 32 tantanan'ny JIRAMA, avy amin'ny fandaharan'asa DECIM na ny "Digital and Energy Connectivity for Inclusion in Madagascar".

**DECIM: "Digital and Energy Connectivity for Inclusion in Madagascar 2023-2028"**

- Fanomanana io fandaharan'asa lehibe io, izay mitentina 400 Tapitrisa Dolara ny famatsiana ary ho avy tsy ela eto anivon'ny Solombavambahoaka amin'izao andiany izao ny fandinihana azy io.
- Tanjona amin'izany ny hampiakatra ny tahan'ny fisitrahana herin'aratra ivelan'ny tambazotra ary koa ho fanapariahana ireo vahaolana avy amin'ny angovo azo havaaozina any amin'ny toerana lavity ny tambazotra lehibe: (mini-réseaux, SSD, hors réseaux, nanoréseaux).
- Folo tapitrisa no isan'ny mpahazo tombontsoa amin'ny fotodrafitsara sy tolotra famokarana angovo madio hapetraka manerana an'i Madagasikara.

Toy izao kosa ny asa hatao sy ny vokatra andrasana ary ny isan'ireo hisitraka izany.

Mikasika ny asa hatao: fampiroboroboana ny fisitrahana tolota avy amin'ny angovo madio. Ny vokatra andrasana amin'izany dia olona miisa 10 tapitrisa no hisitraka ny tolota vaovao nohatsaraina. Momba ny asa hatao izay ihany, fanitarana fotodrafitsaran'ny angovo, ka toeram-pamokarana angovo 27 MW no hatao. Ny vokatra andrasana amin'izany, tokantrano sy orinasa hisitraka herin'aratra ivelan'ny tambazotra miisa 1,9 tapitrisa no kendrena hahazo an'izany. Ho an'ireo hisitraka herin'aratra avy amin'ny tambazotra madinika, tokantrano misa 100 000 no hahazo izany.

Mikasika ny tokantrano tarihin'ny vehivavy loham-pianakaviana, 28,50% no hisitraka herin'aratra.

### **Momba ny fametrahana Didim-panjakana ho fampiharana ny Lalàna mifehy ny sehatry ny angovo**

- Didim-panjakana mampihatra ny lalàna mifehy ny herin'aratra (CODELEC) eto Madagasikara.
- Eo am-pamolavolana ny Didim-panjakana mametraka ny ARELEC na ny "Autorité de Régulation de l'Electricité" isika amin'izao fotoana izao.
- Fanamafisana ny ADER (Agence de Développement de l'Electrification Rurale) izay tomponandraikitra mivantana amin'ny fanatanterahana ny paikady amin'ny famatsiana herin'aratra eny ambanivo hitra.

**Mikasika ny JIRAMA**, hisy fanarenana ny orinasa JIRAMA sy ny hitondrana vahaolana mba tsy hanapahana herin'aratra noho tsy fahampian'ny tolota.

Nisy ny fividianana milina mandeha amin'ny solika 105 MW avy amin'ny tetibolan'ny Minisitera izay mitentina 29 Tapitrisa Dolara. Ahazoana tombony hatramin'ny 90 Miliara Ariary ny fampiasana ity toby 105 MW ity raha ampitahaina amin'ny fanohizana ny fifanarahana tamin'ny orinasa AKSAF. Efa eo am-pamaranana izany isika amin'izao fotoana izao. Tsy maintsy fenoina maika arak'izany ny banga ateraky ny fijanongan'ireo milina an'ny orinasa AKSAF ireo. Manampy amin'izany famenoana izany ny fanamafisana ary ny fanatsarana ny tolota herin'aratra eo amin'ny tambazotra iraisan'Antananarivo mba hampihenana ny fanapahana jiro.

### **Momba ny milina fanodinana herinaratra avy amin'ny rano**

- Ho an'Andekaleka, 32 MW: voapetraka ny milina faha-4 any an-toerana ary efa mamatsy ny tambazotra iraisan'Antananarivo izany amin'izao fotoana izao.
- Ao Farahantsana, 28 MW: vita ny milina famokarana herin'aratra any an-toerana miaraka amin'ny tambazotra fitaterana herin'aratra vokatra miainga any Farahantsana hatreny Anosizato izay afaka mitondra tanjaka hatramin'ny 90 KV.
- Any Ronomafana, 64 MW: raikitra ny fifanarahana famatsiam-bola avy amin'ny "Exim Bank" Sinoa ary voasonia ny fifanarahana teo amin'ny Fanjakana Sinoa sy ny Fanjakana Malagasy (Accord Cadre). Ny dingana manaraka kosa dia fanaovana sonia ny fifanarahana famatsiam-bola eo amin'ny "Exim Bank" Sinoa sy ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola Malagasy. Izay fifanarahana izay dia hoentina eto anivon'ny Antenimierampirenena mba hankatoavina.
- Mikasika an'i Sahofika, 192 MW: voasonia ny fifanarahana fifampivarotana herin'aratra ary ny fanomezan-dàlana avy amin'ny Minisitera. Taorianan'izay dia niroso tamin'ny

fifanarahana tamin'ireo mpamatsy vola azy ny NEHO (Nouvelle Energie Hydroélectrique de l'Onive), orinasa miandraikitra ny "centrale hydroélectrique" ao Sahofika, izy no orinasa manana fahazoan-dàlana hanangana tobim-pamokarana angovo azo avy amin'ny rano ary hitrandraka izany sy hivarotra angovo madio amin'ny orinasa JIRAMA. Eo am-panomanana ny fifanarahana amin'ny fandraisian'ny fanjakana anjara anaty petrabola amin'ny orinasa NEHO isika amin'izao fotoana izao ary ny "Consortium" no mandamina ny fialan'ny orinasa EIFFAGE noho ny fangatahany fisondrotana 40% izay tsy niarahana nidinika tamin'ny Fanjakana malagasy.

- Any Volobe, 120 MW: hosoniavina tsy ho ela ny fifanarahana fifampivarotana herin'aratra sy ny fanomezan-dàlana avy amin'ny Minisitera mba ho tombontsoan'ny vahoaka Malagasy.

### **Momba ny AKORANAFO:**

- Voadio ny trova vokatry ny kajy sy ny ezaka nataon'ny Fanjakana manoloana ny fitazonana ny vidin'ny solika tsy hiakatra.

Tamin'ny taona 2021, nitentina 167 Miliara Ariary ny trova. Efa voaloa sy voadio ary voafafa tanteraka izany.

- Ny taona 2022, nitentina 793 Miliara Ariary raha tokony hohoatra ny 1 200 Miliara Ariary izany raha tsy nisy ny fampiakarana vidin-tsolika natao tamin'ny volana Jolay. Amin'izao volana Mey 2023 izao, efa eo an-dalam-panadiovana ny antsasak'io trova io isika noho ny ezaka ataon'ireo tomponandraikitra isan-tsokajiny izay mbola mitohy hatramin'izao.

- Namoaka Didim-panjakana mba ahafahan'ny Fanjakana mandrindra ny vidin'ny solika eny amin'ny tobim-pamatsiana izay nahatonga ny fanalefahana ny fiantraikan'ny fisondrotry ny vidin'ny solika eny amin'ny vahoaka.

- Mikasika ny vidin'ny solika amin'izao fotoana izao, ny "Gas Oil": 4 900 Ariary ny litatra, ny "Sans Plomb": 5 900 Ariary ny litatra ary ho an'ny solika fandrehitra: 2 430 Ariary ny litatra.

- Momba ny famatsiana solika: nifarana ny antso tolo-bidy ho famatsiana solika ho an'ny enim-bolana faharoa, taona 2023 sy ny enim-bolana voalohany, taona 2024: 69,44 \$/TM (Tonne Metrique) no salam-bidin'ny «premium DAP na "Delivered At Place" raha 104 \$/TM (Tonne Metrique) izany tany am-piandohan'ny ady varotra.

- Nisy fitsirihana kalitao natao teny anivon'ny mpaninjara solika miisa 96.

- Namoaka fahazoan-dàlana hitrandraka akoranafo miisa efatra momba ny menaka na ny "licence d'importation de lubrifiant" koa isika, ka ny telo dia fanavaozana fahazoan-dàlana, ny iray fahazoan-dàlana vaovao.

- Nisy fahazoan-dàlana hanao fotodrafitsara fitsinjarana solika na "Autorisation des Travaux Pétroliers (ATP)" miisa roa vita.

- Toby fitsinjarana solika (Station de service) vaovao miisa 6 no vita ary fanaraha-maso aratontolo iainana tamin'ny toby fitsinjarana solika miisa roa no natao.

Raha izay no tatitra fohy mikasika ny asa vita, misy fanampim-panazavana mba tiana hoentina ihany momba ny Minisitera iadidianay, ka tahaka izao izany:

Ny taona 2012 dia efa nisy ny fanatsarana ny fahazoana herin'aratra eto io saingy tsy vita ao anatin'ny fotoana fohy izany, fa mila fotoana maharitraritra.

Raha ny JIRAMA indray, amin'izao fotoana izao, efa nampidirina ao anaty tetikasa ny hanomezana hazavana manerana ny elakelan-trano mba hampihena ny tsy fandriampahalemana.

Natsangana koa ny tetikasa antsoina hoe DECIM, ka tamin'ny volana Aprily lasa teo no nanaovana izany ary toeram-pitsaboana miisa 3 000 manerana ny nosy no hisitraka izany. Mikasika ny fampiroboroboana ny fisitrahana angovo madio, araka ny voalaza teo, olona miisa 10 tapitrisa no vinavinaina hisitraka izany. Ohatra amin'ny toerana nanaovana izany tany Mampikony sy Ambatondrazaka.

Nisy fandraisana ny Didim-panjakana izay efa nentina tao amin'ny Filankevitry ny Minisitra tamin'ny taona lasa ary mbola nodinihana tao koa izany tamin'ity taona 2023 ity ka lany sy nankatoavina, fa miandry ny fampiharana azy isika.

Hisy ny fandraisana Didim-panjakana hametrahana ny fanombohana ny tetikasa DECIM amin'ity taona 2023 ity.

Hatao ny fanarenana ireo orinasa maro manerana ny nosy mba hialana amin'ny fahatapahan-jiro lavareny satria hatramin'izao tsy mbola tena hita ny vahaolana maharitra, ka mampikaikaika ny vahoaka. Ao anatin'izany vahaolana izany ny fametrahana angovo manana tanjaka 105 MW ao Ambohimanambola, mba hampitombo ny herin'aratra ampiasaina eto Antananarivo.

Marihana fa misy ny tsy fahavitan'ireo tetikasa hafa noho ny krizy amin'ny ady ifanaovan'i «Ukraine» sy «Russie». Eo anatrehan'izany anefa, miezaka hatrany ny fitondram-panjakana mba hanalefahana ny fiantraikan'ny krizy. Nampiana 32 MW noho izany ny tanjaka ao Andekaleka; ezahana anefa ny hahatratrarana hatramin'ny 120 MW. Araka ny voalaza teo aloha, efa natao ny fifanarahana hahazoana famatsiam-bola amin'ny 64 MW hanampiana ny tanjaky ny angovo hampiasaina ao Ranomafana.

Tamin'ny volana Jona 2022, nisy fifanarahana nataon'ny Fanjakana Malagasy sy ny orinasa EIFFAGE. Tsy nakantoavintsika anefa izany satria nangataka fisondrotana 40% tamin'ny «coût de projet» nataony io orinasa io. Taorian'izay, ny orinasa NEHO no nangataka ny hisitraka izany. Marihana fa efa eo am-pikarakarana ny tolo-bidy momba azy io ny fanjakana Malagasy amin'izao fotoana izao.

Momba ny akoranafo kosa, tsara ny milaza fa efa voaloa daholo ny trosa mitentina 58 Miliara Ariary nananan'ny mpamatsy vola tamintsika ary isika indray no manam-bola mitentina 240 Miliara Ariary izay tokony haloan'ireo orinasa mpamatsy solika ireo amintsika. Marihana fa noho ny fisian'ny krizy teo amin'ny sehatra iraisam-mpirenena dia niakatra ny vidin'ny solika ary tsy afa-niala tamin'izany i Madagasikara.

Fisaorana an'Andriamatoa Minisitra, tamin'ny fanampim-panazavana nentiny no nataon'Andriamatoa Mpitarika favoriana, taorian'izay ary nanome fitenenana an'ireo Solombavambahoaka nanao satroka ny tenany.

Nanamarika Andriamatoa RAZAKANDRAINY Henri Dominique, fa tsy voalaza tamin'ny tatitra sy fanampim-panazavana ny Distrikana'i Sakaraha kanefa efa tamin'ny taona 2022 no nolaniana tamin'ny Filankevitry ny Minisitra ny famatsiana angovo any an-toerana saingy tsy nasiana resaka mihitsy.

Ny an'Andriamatoa RAVONTY Tam Teon Luc Urbain, kosa fampahatsiahivana ny tetikasa tokony hatao any amin'ny Distrika nahavoafidy azy.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot, momba ny "ordre du jour" no nasiany teny amin'ny tokony hampahafantaran'ny tomponandraikitra ny Solombavambahoaka mikasika ny fandaharam-potoana satria lasa tsy maharaka ny namana sasany.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa RANDRIAMANAMPISOA Alfred, fanamarihana momba ny «Autorité de Régulation de l'Electricité» izay mbola tsy miasa hatramin'izao no nanontaniany. Inona no antony tsy nahatafapetraka azy amintsika miteny izao.

Fanamarihana faharoa, ny mikasika ny tolo-bidy tokony hatao ka ny mpandrahahara eto an-toerana no ampandraisina andraikitra voalohany amin'izany ary tokony hojerena koa ny sandam-bolantsika amin'ny fanaovana tolo-bidy mba ahafantarana ny «évaluation» atao momba azy.

Ramatoa RASOAZANANIERA Marie Monique Ernestine kosa, nampahatsihahy an'Andriamatoa Minisitra amin'ny tokony hitondrany voandàlana mankany amin'ny Distrika nahavofidy azy raha ny tatitra teo no asiana teny.

Ramatoa ZAFINANDRO Perle Bien Aimée indray, nanamarika tamin'ny satroka nataony, fa tsy tafiditra ao anatin'ny tetikasa amin'ny famatsiana angovo mahatratra 105 MW ny Distrikan'i Taolagnaro kanefa nolazaina fa efa nisy fiaraha-miasa natao niaraka tamin'ny QMM (QIT Madagascar Minerals).

Fisaorana kosa no nataon-dRamatoa BAOFENO Micheline ho an'Andriamatoa Minisitra satria tafiditra tao anatin'ny tetikasa ny Distrika nahavoafidy azy.

Taorian'izay, fanontaniana no napetrany mikasika ny faharetan'ny tetikasa; mety ho tonga hatramin'ny fahavaratra ve izany satria iaraha-mahalala ny faharatsian'ny lèlana amin'izay fotoana izay, ka sao hampihemotra ny asa tokony hatao.

Rehefa izany, nomen'Andriamatoa Mpitarika fivoriana fitenenana, Andriamatoa ANDRIAMANAMPISOA Solo, Minisitry ny Angovo sy Akoranafo, hamaly ny fanontaniana napetraky ny Solombavambahoaka teo.

Mikasika ny any Sakaraha, efa nisy 32 MW nomena tany an-toerana ary nanao «arbitrage» koa isika mba ahafahana manaparitaka ny angovo amin'ny toerana maro. Rehefa vita ny fanaparitahana an'izany angovo izany, mino izahay fa hahazo ny toerana izay tsy mbola voakasiky ny tetikasa teo aloha.

Ny any Sainte-Marie indray, efa tato anaty tetikasa saingy nesorina aloha satria eo ampanombohana ny tetikasa any Marovoay isika ka aorian'izay, tsy maintsy ampidirna i Sainte-Marie ary efa hanomboka ny tolo-bidy hanatanterahana ny famatsiana angovo any an-toerana.

Momba ny voandàlana nolazainy Solombavambahoaka namana teo, efa eo am-pandinhana an'izay izahay ato amin'ny Minisitera saingy tsy mbola ao anaty ny tetibola izany, fa tsy maintsy ezahana hatao.

Mikasika ny Disitrikan'i Nosy Varika, efa nampanarahana toetr'andro mihitsy ity tetikasa hatao ity satria tsy maintsy mandalo eto amintsika ny rivodoza rehefa fahavaratra, ka efa vonona amin'izany ny teknisiana.

Fisaorana an'Andriamatoa Minisitra no nataon'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, taorian'ny fandraisany fitenenana ary nomeny an'Andriamatoa RAZAFINDRAMALO Tahina, Minisitry ny Paositra sy Fifandraisean-davitra ary ny Haitao ara-kajy Mirindra, ny fitenenana hanaovany tatitra momba ny asa vitan'ny Minisitera iadidiany.

Nomarihan'Andriamatoa Minisitra, fa maro ny fotodrafirasa ataon'ny fanjakana amin'izao fotoana izao. Miezaka ny Minisitera manatsara ny fiainan'ny mpiara-belona ka toy izao no fanatanterahana asa izay natao tao amin'ny Minisitera entina manatontosa ny velirano nataon'ny Filohampirenena, Andriamatoa Andry RAJOELINA.

Maro ny fotodrafirasa sahanin'ny Minisitera: voalohany, ny "E-Fokontany" izay fotodrafirasa natomboka tamin'ireny fahamehana ireny; natao ny fanisana ny vahoaka mba hahazoana mitondra fanampiana avy amin'ny fanjakana. Natomboka teto Antananarivo izany ary efa apartitaka any amin'ny Faritra; efa zaraina ny kara-pokontany "digitalisée" amin'izao fotoana izao izay ahitana "QR code" ahafahana mijery ny asa homena ny vahoaka eny amin'ny Fokontany. Mihoatra ny 500 000 karinem-pokontany no isan'ny efa voazara teto amintsika ary hotohizana ny fanapariahana izany manerana ny nosy.

Ny fotodrafirasa manaraka dia ny fanavaozana ny fandoavana ny volan'ny mpiasam-panjakana sy ny vatsim-pianaran'ny mpianatra. «E-poketra» no iantsoana izany mba hampisy mangarahara amin'ny fitantanana ny volam-panjakana, na eny amin'ny oniverisite izany na amin'ny fandoavana ny karama. Mihoatra ny 70 000 "cartes e-poketra" no nozaraina ary misy 50 000 "cartes" mbola hozaraina ihany koa. Natao laharam-pahamehana amin'izany ny mpitandrofilaminana satria izy ireo no misahana ny filaminana eto amintsika, toy ny SEG, ny MDN, ny Polisim-pirenena.

Marihana fa mipetraka ao anaty fanavaozana ny Paositra Malagasy io fotodrafirasa "e-poketra" io satria manatsara ny fomba fiasa sy ny birao eto amintsika koa izy io, toy ny fametrahana "banque postale" sy ny "inclusion financière". Tokony hisitraka ity farany ny vahoaka Malagasy satria ny Paositra Malagasy dia manana "agence" manerana ny nosy eo amin'ny 250 isa eo ho eo. Noho izany, afaka misitraka ny teknolojia vaovao koa isika rehetra noho ireo fanavaozana ireo.

Mikasika ny fotodrafirasa manaraka kosa, nisy ny fanavaozana ny «état civil» iarohana amin'ny Banky Iraisam-pirenena, amin'ny fametrahana ny "identifiant unique" izay efa nandalo teto amin'ny Antenimierampirenena ny momba izany tamin'ny roa taona lasa. Ny

vinavina dia ny hametrahana izany amin'ireo reny terabao sy amin'ny olona ampy taona mba ahafahana manana "carte d'identité biométrique" mba hakana ny "données biométriques" momba ny olona iray, toy ny maso sy ny sary ary ny tānana. Azo sorohana amin'izany koa ny mety ho fahadisoana amin'ny karapanondro. Marihana fa efa nanomboka tamin'ny taona lasa ny fanapariahana izany. Miezaka ny fanjakana mba hahatratrarana olona miisa 5 000 000 amin'ity "identifiant unique" ity amin'izao taona 2023 izao.

Misy ny fanatsarana ny fifandraisian-davitra eto amintsika, nametraka tetikasa goavana momba ny fandriampahalemana koa isika, toy ny fametrahana "caméras de surveillance" eto Antananarivo Renivohitra. Miisa 1 200 "caméras de surveillance" no napetraka tamin'izany hisorohana ny tsy fandriampahalemana ary niara-niasa tamin'ny Minisiteran'ny Fiarovam-pirenena, ny Zandarimaria ary ny Polisim-pirenena ny Minisiteran'ny Paositra tamin'ny fanaovana izany. Tao anatin'izay koa ny fametrahana ny "data center" mba ahafahana manara-maso ny rindram-baiko amin'ny fampandehanana ny raharaha-panjakana.

Ny fanaovana "vulgarisation" ny TICs kosa, efa maro ny Faritra nanatontosana izany hatramin'ny taon-dasa ka hatramin'izao. Nisy ny fanomezana "smartphones", "tablettes", "téléphones solaires" ary "power bank" manerana ny nosy mba ahafahana manao "démocratisation de l'usage numérique".

Maro ny toerana nomena "internet" tsy andoavam-bola, ka mihoatra ny 100 no isan'ny toerana nanaovana izany. Amin'ny taona 2024 kosa, hametraka "hotspot" 400 isa mahery amin'ny toerana tsy nahazo izany ny Minisitera. Mikasika izay, maro ny Solombavambahoaka nanao fangatahana manokana taty aminay, ka hojerena ny amin'izay mba ahafahana manapariaka ny tontolo nomerika.

Misy koa ny fotodrafirasa DECIM iarhana manatontosa amin'ny Minisiteran'ny Angovo satria tsy ampy ny "taux d'électrification" eto amintsika. Hojerena ihany koa ny "taux d'usage" amin'ny "internet". Iarahana amin'ny Banky Iraisam-pirenena ny fanaovana izany ary mitentina "150 Millions USD" ny famatsiam-bola ho azo amin'izany mba hanomezana "connexion" ho an'ireo Kaominina eto Madagasikara.

Ao anatin'izay koa ny fampianarana ny tontolo nomerika ny mpiasam-panjakana sy ny sehatra tsy miankina. Hisy ny fametrahana "pylônes" any amin'ireo toerana tsy misy "connexion" na 2G io na 3G na 4G ihany koa.

Mikasika izay fifandraisian-davitra izay ihany, tamin'ny volana Aprily lasa teo, nisy ny fanatsarana sy fanavaozana ireo orinasam-panjakana momba ny fifandraisian-davitra. Noho izany, nisy Didim-panjakana noraisin'ny Filankevitry ny Minisitra mba ahafahan'ny mpisehatra rehetra amin'ny fifandraisian-davitra eto amintsika mba hitovy saranga avokoa amin'ny fanatontosany ny asany. Tsara ny mampahatsiahy, fa ny lalàna mifehy ny fifandraisian-davitra amin'izao fotoana izao dia efa tamin'ny taona 2005, ka ny didy fampiharana momba ny "libéralisation" amin'ny fifandraisian-davitra dia hatao amin'io volana ambony io. Ho fitsinjovana lalandava ny vahoaka Malagasy no tanjona amin'izany, mba hampidinana ny saran'ny antso an-telefaonina.

Misy koa ny tetikasa efa natomboka momba ny "Smart Village", ka 11 amin'izany efa mandeha ary fametrahana 34 amin'izany no tanjona hatao manerana ny nosy. Misy ny Solombavambahoaka misitraka an'izay, ny sasany eo an-dàlam-pamaranana. Eo ampitadiavana ny famatsiam-bola mikasika izany isika ary ohatra azo raisina ny fanaovan'ny PAM (Programme Alimentaire Mondial) sonia fiaraha-miasa amintsika satria efa manana fotodrafirasa any amin'ny Faritra Atsimo izy ireo, ka ny momba ny RRT na ny "Rapid Rural Transformation" no hatao amin'izany. Marihana fa nahazo fanampiana ara-bola tamin'ny PAM ny Minisitera hamatsiana ireo "Smart Village" ireo.

Mikasika ny «TICBUS» kosa, miisa 6 ireo "bus" ahafahana mampiasa "internet" maimaimpoana eto amintsika amin'izao fotoana izao. Hisy ny fanomezana izany eto Antananarivo satria betsaka ny fangatahana momba azy io.

Fisaorana ny rehetra no namaranan'Andriamatoa Minisitra ny teniny tamin'ny fihainoana ny tatitra nataony.

Nanao satroka Andriamatoa RAZAKANDRAINY Henri Dominique, ka nambarany fa fitadiavana «qualité de service» no ilain'ny vahoaka ary nametrahany fanontaniana koa ny momba ny «Smart Village» any aminy satria efa vita ny fototry ny trano natokana ho an'izany kanefa tsy nisy asa notohizana intsony hatramin'izao. Ahoana ny mikasika an'izay.

Raha namaly izany, Andriamatoa Minisitra, nambarany fa efa misy ny fanavaozana nataon'ny Minisitera mikasika ny fifandrais-an-davitra hatramin'ny taona 2021. Marina fa misy tsy tontosa ny asa noho ny antony samihafa ary efa mijery vahaolana amin'ny hanaovana ireo fotodrafirasa ireo ny Minisitera amin'izao fotoana izao.

Taorian'izay, nampitondra hafatra ho an'ireo Minisitra mbola hanao tatitra, Andriamatoa Mpitarika favoriana, fa tokony efa nozaraina mialoha tamin'ny Solombavambahoaka ny tatitra natao sy ireo mbola hanao izany.

Talohan'ny hiatowan'ny favoriana, nampahatsiahny ny fandaharam-potoana manaraka ny tenany, fa anio Zoma 26 Mey 2023 manomboka amin'ny 3 ora, tolak'andro, hifanesy hanao tatitra eto ny: Minisitry ny Fampianarana Ambony sy ny Fikarohana Ara-tsiansa, Minisitry ny Fanabeazam-pirenena ary ny Minisitry ny Fampianarana Ara-teknika sy Fanofanana Arak'asa.

Niato tamin'ny 12 ora sy 15 minitra, atoandro, ny favoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika favoriana.

